TATIE MAMAN MARIAGE

Manampy ny olona sahirana amin'ny fanatontosana lanonam-panambadiana

Manome tolo-tanana ny mpanambady, sy ny tanora ary ireo olona tena sahirana amin'ny famitana, sy ny fikarakarana lanonam-panambadiana miaraka amin'ny fety hafa ny "Tatie Maman Mariage", izany dia miankina amin'ny entimanana eo amin'ny olona tsirairay. Mandray anjara amin'ny andro iraisam-pirenena ho an'ny faritra Analamanga ny "Tatie Maman mariage", mampahafantatra ny mpanjifa ny tolotra mikasika ny fikarakarana lanonam-panambadiana sy ireo fety maro samihafa. Ankoatra izany dia mampahafantatra ny karazam-pandravahana lanonana "Décoration" ny "Tatie Maman Mariage", no sady manao fanandramana maimaimpoana an'ireo karazansakafo vokariny toy ny "Charcuterie, Fromange, Gateaux. Nilaza Ramatoa Rabefaritra Njara Valosoa Mpitantana ny "Tatie Maman Mariage", fa mipetraka amin'ny toeran'ny Reny ity farany, rehefa mandray sy mikarakara lanonam-panambadiana, satria ny fialan'ny tanora amin'ny tokantrano-maso no tanjony, izay amin'ny sarany mirary dia mirary.

Ny tranohevan'ny Tatie Maman Mariage, etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina.

Nanamafy ity mpitantana ity, fa afa-po avokoa ireo olona niara-niasa taminy ary manao tohivakana hatrany ny fandraisana ny lanonam-panambadiana ao amin'ny "Tatie Maman Mariage". Nilaza izy fa mijery ny marimaritra iraisana eo amin'ny saran'ny sakafo ny "Tatie Maman Mariage" manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana amin'izao fotoana izao ary mamerina tsikelikely ny asa ity farany nanomboka ny volana Septambra 2020 lasa teo, taoriana ny krizin'ny fihibohana Coronavirus, izay nampijanona tanteraka ny asa fikarakarana lanonana. Marihina fa etsy Ankaditapaka Behoririka no ahitana ny "Tatie Maman Mariage" ary miisa 20 ireo olona manodina an'ity orinasa ity, izay efa matihanina tanteraka amin'ny fandraisana sy ny fikarakarana lanonana marosamihafa. Tsiahivina fa nanomboka ny 26 Novambra 2020, ka hatramin'ny 28 Novambra 2020 ny andro iraisam-pirenena ho an'ny faritra Analamanga, izay tanterahina etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny Fanatanjahantena Mahamasina.

Franck Razakambelo

Groupe Lydia

Hanolotra seho fisaorana ny Ray

Ny maty masoandro amin'ny 5 ora hariva ny Zoma 11 desambra ho avy izao, etsy amin'ny Le Pavé Antaninarenina, no hiaka-tsehatra ny Groupe Lydia. Seho ho fisaorana sy fankasitrahana an'Andriamanitra nohon'ny fitahiana narotsany, ka nahafahan'ny rehetra nahasedra ireo fahasahiranana maro nifandimby teto amin'ny firenena ity hotanterahana ity. « Inona ny soa avaliko an'i Jehovah noho ireo soa nataony tamiko ». Io rahateo no andalan-tenin'ny soratra masina iompanan'ny fampisehoana.

Ny mahasoa sy ny mahafinaritra

Nomarihan'i Rasoloarivony Raholiarilala Miadana, izay Manager ny Groupe Lydia, fa samy ho vetsoina an-tsehatra avokoa ireo sanganasa efa nahafantarana ny tarika hatramin'ny taona 1995 nijoroany, toy ny « Ry mpiray tanindrazana », sy ny « Fandresena » ary hipaka hatrany amin'ireo sanganasa vaovao izany. Ho tendrena avokoa ireo zavamaneno handravaka ny feomangan'ny Groupe Lydia, hoy hatrany izy ary nohatevenina ireo mpitendry, mba hahafahana manolotra ny meva sy mampianjaika ny kanto ary ho voninahitr'Andriamanitra. Ankoatra ny Groupe Lydia, ho avy hanotrona azy 16 mianadahy mandrafitra ity tarika mivoy ny hira evanjelika amin'ny gadona maroloko ity ihany koa i Vero Ranaivoson sy ny Karmela groupe. Hitondra ny tenin'Andriamanitra ny Pastora Aintsoa Razafimandranto mivady. Vinanasa ho an'ny Groupe Lydia ny hanatanteraka asa fitoriana manerana an'i Gasikara ary hipaka hatrany Dilambato izany.

Lalasoa R.

Lydia, manatanteraka ny iraka ho amin'ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny mozika.

NY TENY FIAINANA

"Aza mety ho resin'ny ratsy hianao, fa reseo amin'ny soa ny ratsy."
Romana 12:21

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Ministeran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola, manao tantely afa-drakotra ny volam-panjakana

Marcel Razafimahatratra : fa maninona ny mpiasan'ny Finances no mahazo prime d'efficacité isaky ny 2 volana izay mahatratra 13 millons fmg/cadre. NY ANY AMBANVOHITRA TSY MAHAZO MPAMPIANATRA, SEKOLY, MPITSABO FA LAZAINA FA TSY MISY NY VOLA? NAHOANA NO ATAO TANTELY AFA-DRAKOTRA TOY IZANY NY VOLAM-PANJAKANA ?

Mpiantafika HaryFeno : SSHHHHHH. AZA MITENY MAFY .ZE AKAIKY VILANY FENO ARINA.

Nini Razafy : ka tsy maintsy ovaina io rehefa tonga ny tena fanovana.

Mpiantafika HaryFeno : Nini Razafy : HOY IANAO ??

Ratsimba Christian : tsy maintsy mbola hoavy ny famonjena fa manàna finoana.

Nesta Fanomezana : Ratsimba Christian : zay ilay esclave mental ataon'ny fivavahana kristianina. tsy mba afaka hiady mihitsy zany fa dia hiandry an'Andriamanitra eo ?

Andrianarisaina Ando : samy mpiasam-bahoaka zao ihany fa mba ampitovio e. Ny sasany ireo ary no tena mafy asa.

Rafidy Dera : 'Zany vaut!!! Ahoana fidirana ao chafady?? Iza no anatonana , dia ôtsina no homanina?? Hihihiiiii !

Henintsoafetra Randrianoelisaona : ka raha vao tsy omena an'io zareo dia MI- GRÈVE BE, IZAY NO TSY HANAOVANA AN'ILAY ALIGNEMENT SALAIRES.

Nesta Fanomezana : Henintsoafetra Randrianoelisaona : fa ny mampianatra zany tsy mba afaka ny hi-grevy koa ? ny gendarme ny mpitsara ? ny mpitsabo ? samy fonctionnaire daholo ange reo e !

Henintsoafetra Randrianoelisaona : Nesta Fanomezana : koa ny Mpampianatra, tsy manana hery hoentina higrève, ny miaramila manaraka BAIKO ny be kintana,…

Rasamison Nary Kely : tsy possible hitovy mandrakizay io, samy mandray vola nefa ny iray misahana ny iray miandry sahanina.

Liva Kely : trop kosa zany e ! tokony mba homena daholo koa ny mpiasampanjakana hafa.

Mariot Benja : Nesta Fanomezana: raha hanana skobido aza!(?)

Bakoly Nirina : mampalaelo mihitsy, nefa nandalo tam mpampianatra daholo isika rehetra, tokony hojerena akaiky ireo mpampianatra ireo indrindra indrindra.

Ben Ramarohetra : eto Madagasikara

anie tsika eh...

Piqure Justin : tena mampalahelo ny mpanabe.

Jérôme Velontsoa : misy fanavakavahana kosa zany, samy miasa be daholo, koa nahoana no ireo ihany no mahazo an'izany indemnité be izany, mila samy mahazo daholo ny mpiasam-panjakana rehetra, fa tsy ry zareo mpikirakira vola voalohany eto amin'ny firenena ihany no hahazo izany.

Gaston Randrimarosoa : mba tsy ho tratra ny mena miraviravy ny mpiasan'ny Finances no mety hanaovana an'io, fa na izany aza, tokony hahazo ny sahaza azy koa ny fonctionnaire hafa rehetra.

Irène Ravokatra : be loatra kosa ny azon'ny mpiasan'ny finances izany na prime aza ilay izy, tokony hahena ary tokony hahazo koa ny mpiasa hafa izay miasa mafy ihany koa indrindra ny mpanabe.

Anselme Andriamahazosoa : ka ry zareo kosa no tena mikirakira ny vola voalohany ao, ka mba tsy ho tratran'ny fakam-panahy izy ireo dia omena io fandrisika io e ! fa na izany aza tokony ho jerena ihany koa ny hafa.

Berthin Raveloson : tsy rariny kosa izany ataon'ny ao amin'ny finances izany raha tena marina tokoa, enga anie ka tsy ho marina izany.

Dieu-Donné Mandresy : marina io matoa navoakan-dRamarisely, tokony tsy hisy kolikoly intsony kosa ao amin'ny Finances noho izany tombontsoa be azon'izy ireo izany a ! Raha tsy izany dia tena tsy rariny ny zava-misy ao Antaninarenina ao.

Maholy Andrianarisoa : azo lazaina fa mandeha araka ny tokony ho izy kosa aloha ny raharaha atao ao amin'ny Finances ao, ka enga anie hitohy izany. Ny fonctionnaire rehetra kosa dia samy heverina fa manao ny ainy tsy ho zavatra daholo, ka tokony hojerena avokoa.

Cathia Rakotobearisaona : ady amin'ny tsy hisian'ny kolikoly ao amin'ny finances no nanaovana an'io, na izany aza ny fahitako azy ôtrany be loatra ihany ka mila jerena akaiky.